



FIADIDIANA NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

DIDIM-PANJAKANA laharana faha-2019-790

Miantso ny mpifidy handray anjara amin'ny fampandaniana ny volavolan-dalàm-panorenana manova ny andininy sasantsasany ao amin'ny lalam-panorenan'ny Repoblika fahaefatra

NY FILOHAN'NY REPOBLIKA,

Araka ny lalam-panorenana;

Araka ny lalàna fehizoro laharana faha 2018-008 tamin'ny 11 mai 2018 momba ny fepetra ankapobeny mifehy ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka;

Araka ny lalàna laharana faha 2015-020 tamin'ny 19 oktobra 2015 mifehy ny rafitra mahaleo tena misahana ny fikarakarana sy ny fitantanana ny asa rehetra manodidina ny fifidianana antsoina hoe "vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana";

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2014-289 tamin'ny 13 mai 2014 nasiam-panovàna sy nofenoina tamin'ny didim-panjakana laharana faha 2014-1725 tamin'ny 12 novambra 2014 mamaritra ny andraikitra ny ministry ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana sy ny fandaminana ankapobeny ny ministerany;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2015-14 04 tamin'ny 20 oktobra 2015 mamaritra ny fomba fanendrena sy fifidianana ireo mpikambana mandrafitra ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2015-1459 tamin'ny 28 oktobra 2015, nofenoin'ny didim-panjakana laharana faha 2015-1464 tamin'ny 02 novambra 2015 sy ny didim-panjakana laharana faha 2016-828 tamin'ny 06 jolay 2016, momba ny fankatoavana ny fanendrena sy fifidianana ireo mpikambana ao anatin'ny rafitra maharitra ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2019-016 tamin'ny 21 janoary 2019 manendry ny Praiminisitra, lehiben'ny governemanta;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2019-026 tamin'ny 24 janoary 2019 manendry ny mpikambana ao anaty governemanta;

Nandritra ny filan-kevitra ny minisitra,

DIA MANAO IZAO DIDIM-PANJAKANA IZAO:

Andininy voalohany - Ho fampiharana ny andininy faha-51 andalana faha-4 ao anatin'ny lalana fehizoro laharana 2018-008 tamin'ny 11 mai 2018 voalaza etsy ambony, dia miantso ny mpifidy handatsa-bato ny alatsinainy 27 mai 2019 manomboka amin'ny enina ora maraina ho fampandaniana ny volavolandalàm-panorenana manova ny andininy sasantsasany ao anatin'ny lalam-panorenan'ny Repoblika fahaefatra.

Andininy faharoa – Ny fandatsaham-bato dia hikatona ny androtr'io ihany, amin'ny dimy ora tolakandro fahafahatarany manerana ny tanin'ny Repoblika'i Madagasikara, afatsy ny amin'ny tranga voalazan'ny andininy faha-161 ao anatin'ny lalàna fehizoro laharana faha 2018-008 tamin'ny 11 mai 2018 voalaza etsy ambony.

Andininy faha telo :– Ny kara-pifidianana narafitra araka ny andininy faha-45 sy ny manaraka ao anatin'ny lalàna fehizoro laharana faha 2018-008 tamin'ny 11 mai 2018 voalaza etsy ambony ihany no ampiasain'ny mpifidy.

Ny kara-pifidianana nampiasaina tamin'ny fifidianana filohan'ny Repoblika farany teo dia mbola manan-kery tanteraka.

Andininy faha efatra – Ny lisi-pifidianana nikatona tanteraka ny 15 mai 2019 ihany no hany tokana manan-kery amin'ny andron'ny 27 mai 2019.

Andininy faha dimy : – Noho ny hamehana ary ho fampiharana ny voalazan'ny andininy faha-6 ao anatin'ny didy hitsivolana laharana faha-62-041 tamin'ny 19 septambra 1962 momba ny fepetra ankapoben'ny lalàna anatin'ny sy ny lalàna iraisam-pirenena mifehy ny fifandraisana manokan'ny samy olona, ity didim-panjakana ity dia manan-kery avy hatrany raha vantany vao havoaka amin'ny onjampeo sy/na ny fahitalavitra, ary izany dia tsy miankina amin'ny famoahana azy amin'ny gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Andininy faha-enina : – Ny minisitry ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana, ny minisitry ny fitsarana, mpitahiry ny tombokasem-panjakana, ny minisitry ny toekarena sy ny fitantanam-bola, ny minisitry ny serasera sy ny kolontsaina dia omena andraikitra tsirairay avy araka ny tandrifiny, ho fanatanterahana ny voalazan'ity didim-panjakana ity izay havoaka amin'ny gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Natao teto Antananarivo, faha-19 aprily 2019

Andry RAJOELINA
Ny Filohan'ny Repoblika,

Ny Praiminisitry, lehiben'ny Governemanta,
Christian NTSAY

Ny minisitry ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana
Tianarivelo RAZAFIMAHEFA

Ny mpitahiry ny tombokasem-panjakana
Minisitry ny fitsarana
Jacques RANDRIANASOLO

Ny minisitry ny toekarena sy ny fitantanam-bola
Richard RANDRIAMANDRATO

Ny minisitry ny serasera sy ny kolontsaina
Lalatiana ANDRIATONGARIVO